# 25 NY MPANAMPY

## LOHAHEVITRA

- Mahafantatra ny antsoina hoe «mpanampy» ary manavaka ny karazany

## LESONA HO TADIDINA

**Famaritana**

Ny mpanampy dia isan'ny sokajin-teny. Ny mpanampy dia teny manampy hevitra ny EM na ny L na ny Fameno ka manasongadina kokoa ny hevitry ny teny.

Amin'izany ny mpanampy dia mety hanalefaka na hanamafy na handidy. Ny mpanampy dia teny mipetraka mandrakariva eo alohan'ny teny ampiany.

ohatra:

- Somary nisafosafo volom-bava teo aloha Rangahy.
- Tena nandefitra ilay Ramatoa, kanefa rava tanteraka ny fefiny ary simba daholo ny voninkazony.

**Fepetra ahafantarana ny mpanampy**

Ireto manaraka ireto ny fepetra ahafantarana ny mpanampy:

- Tsy mitana ny anjara asa enti-milaza
- Tsy mety atao lazaina koa izy
- Manoritra ny teny fenoiny
- mipetraka eo alohan'ny teny fenoiny

ohatra:Aoka hitsangana daholo isika fa hakarina ny sainam-pirenena.

**Karazana mpanampy**

Misy karazany maromaro ny mpanampy arakaraka ny teny fenoina

- Mpanampy ny EM mitaky fotoana voafetra:

  te, tokony, aoka, diva, tsy, avy, azo, tsy azo, aza, mba, mila, aoka

  ohatra:
  - Te hanarina ny toe-tsain'ny mpiray firenena ny mpitondra.
  - Mila ho kivy ny mpandray anjara.

- Mpanampy ny EM afaka miaraka amin'ny fotoana rehetra:

  efa, saika, tsy maintsy, mody, tena, toa

  ohatra:
  - Saika hiverina izy fa tara.
  - Tsy maintsy mahazo vokatra tsara isika.

- Mpanampy ny L: avokoa, daholo, ….

  ohatra:
  - Vory daholo ny lehilahy matanjaka.
  - Nitondra fitaovana avokoa izy rehetra.

- Mpanampy ny filaza: samy, mba, tsy, samia, mbà, aza

  ohatra:
  - Mba nianatra ihany anie izy e!
  - Samia tonga fa zava-dehibe no hodinihina.

**Sahanasa 1**

Ampiasao ao anaty fanazavana ny fombafomba atao amin'ny fahaterahana sy ny manodidina azy ny mpanampy miisa 10 eo ho eo. (fehezanteny folo eo ho eo)

Sahanasa 1

## Lahatsoratra

Nanan-danja tanteraka teo amin'ny fiarahamonina malagasy tokoa ny aina. Tena zava-dehibe sy tena masina eo amin'ny Malagasy avokoa ny fiterahana sy ny fombafomba miaraka aminy. Io mantsy no mba fomba maneho ny lanjan'ny fahazoana taranaka sy fitohizan'ny aina. Noho izany dia tsy maintsy nokarakaraina fatratra ny reny sy ny zaza. Toa misy fomba manokana àry ataon'ny fiarahamonina hanomezan-danja ny zaza raha vao teraka any amin'ny faritra samihafa.

1- Vakio io ampahan-dahatsoratra io, asio tsipika na faritana na lokoy ny mpanampy rehetra hita ao.

2- Mariho X ny kiefitra tandrifin'ny valiny marina ato amin'ity fafana manaraka ity

| | ENY | TSIA |
|---|---|---|
| Anjara asan'ny teny ny atao hoe mpanampy | | |
| tsy manana anjara asa ny mpanampy | | |
| Azo atao lazaina ny mpanampy | | |
| Mipetraka eo aorian'ny teny fenoiny ny mpanampy | | |